REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 25 may 2022 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany tao amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FAMPITANA AM-BAVA

### FIADIDIANA NY REPOBLIKA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

**Nankatoavina ny fanafoanan-ketra amin'ny famoahana kaontenera miisa roa misy ireo fitaovana hamitàna ny Grand Séminaire an'i Toamasina**.

### MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

**Nankatoavina ny handraisan'ny fanjakana an-tànana ny DTI amin'ny fanafarana hazavana mandravaka (décorations lumineuses) amina baoritra miisa 852.**

**Nankatoavina ny fampitàna am-bava mikasika ny drafitr'asa fampiharana ireo tolo-kevitry ny Fitsarana momba ny Kaonty, izay mifandraika amin'ireo fandaniana natao tamin'ny ady amin'ny valan'aretina Covid 19.**

Taorian'ny fitsirihana nataon'ny Fitsarana momba ny Kaonty mahakasika ireo lafin-javatra efatra niatrehana ny COVID-19, dia ny lalam-bola, ny tsenam-baro-panjakana, ireo fepetra vonjimaika ara-tsosialy sy ireo fepetra fandaminana, ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia hametraka drafitr'asa sy fanaovazana araka ny tolo-kevitra azo avy amin'io fitsirihana io.

Efa voaomana izany drafitr'asa izany, izay efa niaraha-nidinika tamin'ny Sampana Mpanara-maso ny Fanavaozana ny Fitantanam-bolam-panjakana, ahitana ireo Rafitra mpanara-maso (Fitsarana momba ny Kaonty, CDBF, IGE), SAMIFIN, Minisiteran'ny Fitsarana, ireo Minisitera ara-tsoasialy.

Io drafitra io dia mamaritra ny asa laharam-pahamehana azo atao ao anaty ny fohy sy antonona ezaka, mifantoka indrindra amin'ny fametrahana na fanitsiana ireo didim-panjakana sy boky toro-lalana, ireo hetsika fanentanana, fanapariahana sy fampiofanana, sy ny fanatsaràna ireo fomba fiasa sy rafitra misy.

### MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

**Nankatoavina ny fampiantranoana ny Tompondakan'i Afrika taranja basket-ball ho an'ireo latsaky ny 18 taona, sokajy lahy sy vavy « U18 Men and Women 2022 » sy ny fandoavana ireo saran'ny fandraisana ny fifaninana (droits d'attribution).**

**<u>MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA</u>**

**Nankatoavina ny fananganana ny Orikesitra nasionaly malagasy voalohany, mitondra ny anarana hoe : « VOA'ART – National orchestra of Madagascar**".

**<u>MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA</u>**

**Nankatoavina ny handraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandraisana anjara ny Governemanta malagasy amin'ny « Nouveau Modèle de Financement » (NMF3) an'ny « Fonds Mondial ».**

Ny "Fonds Mondial" dia fiaraha-miasa natao hanafainganana ny fanafoanana tanteraka ny valan'aretina SIDA, raboka ary tazomoka. Ny taona 2018 hatramin'ny 2020, dia nahazo vola fanampiana mitentina 101,2 tapitrisa dolara i Madagasikara ary 88,8 tapitrisa dolara kosa ho an'ny taona 2021 hatramin'ny 2023 tamin'ny alalàn'ny NMF3 mba iantohana an'ireo hetsika rehetra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Taorian'ny fanambaràna nataon' Andriamatoa Filoham-pirenena tany Lyon ny taona 2019, ny Fanjakana Malagasy dia tapa-kevitra ny hitondra ny anjara birikiny, izay mitentina 1.000.000 tapitrisa dolara ao amin'ny "Fonds Mondial" mba entina hanampiana amin'ny fanatanterahana izany ady atao amin' ny valan'aretina izany.

**<u>SEKRETARIAM-PANJAKANA MISAHANA NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA</u>**

**Nankatoavina ny handraisan'ny fanjakana an-tanana ireo DTI amin'ny fahatongavan'ireo fitaovana fanampiny ilaina amin'ny fametrahana ny faritra fihazakazahana vita amin'ny Tartan na « Piste d'athlétisme en tartan » ao amin'ny Kianja Barea Mahamasina.**

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**<u>MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA TOETRANDRO</u>**

Noraisina ny didim-panjakana manova ny didim-panjakana laharana faha 2022-440 tamin'ny 30 martsa 2022 izay manambara ny maha tombontsoan'ny daholobe ny fanamboarana sy ny fanarenana ireo fotodrafitrasa mifandraika amin'ny "trains urbains" na eto Antananarivo, manomboka eo amin'ny Soarano PK 0 mankany Ambohimanambola PK 12 (Corridor Sud).

**<u>MINISITERAN'NY ASA VAVENTY</u>**

Nankatoavina ny didim-panjakana manambara ny maha tombontsoan'ny daholobe ny asa fanamboarana sy ny fanarenana ny RN secondaire 43 mampitohy an'i « Faratsiho – Sambaina ; Ambohibary – Ampetsapetsa » ka afaka maka ny tany na fanorenana voakasik'ireo ny asa fanamboarana ireo na amin'ny fifampiraharahana na amin'ny fanesorana noho ny tombontsoan'ny daholobe.

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nankatoavina ny didim-panjakana manambara ny maha tombontsoan'ny daholobe ny asa fanamboarana sy ny fanarenana ny RN44 sy RNT12A, ireo lalan-kely mifandraika amin'izany, ny fanorenana ny tetezana miisa roa ao Manambondro sy Amboenato hita ao amin'ny RNT12A, ny fanorenana toerana fandanjana fiara miisa roa eo amin'ny RN44 izay mamaritra ny fomba enti-manatanteraka ny PAR na ny Plan d'Action de Réinstallation izay entina mamaha izay mety ho fitohanana haterak'ireo asa notanisaina ireo.

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY SAMPANDRAHARAHAN'NY FANANAN-TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-905 tamin'ny 08 septambra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RAMBININTSOA Lalao Berthe**, ho « Directeur des Affaires Juridiques » eo anivon'ny minisiteran'ny fanajariana ny tany sy ny sampandraharahan'ny fananan-tany
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1120 tamin'ny 20 oktobra 2021 ary manendry an**'Atoa.RAMASIMBAMALAZA Olivier José Michel,** ho « Directeur des Services Topographiques » eo anivon'ny minisiteran'ny fanajariana ny tany sy ny sampandraharahan'ny fananan-tany.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-260 tamin'ny 07 martsa 2019 ary manendry **an-dRamatoa RANJAVOLOLONA Julie Claudette,** ho « Directeur Général de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics » ny minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2006-792 tamin'ny 19 okotobra 2006 ary manendry an-**dRamatoa RAHARINIAINA Angélinà,** ho « Président du Comité de Réglementation et de Recours auprès de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics » ny minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2017-651 tamin'ny 10 jolay 2007 ary manendry an**'Atoa JAONASY Anivosoa,** ho « Directeur de l'Audit Interne auprès de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics » ny minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola

**MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Atoa **RABETAHINA Pascal Pierrot,** ho Tale Jeneralin'ny Fitsinjaram-pahefana ny minisiteran'ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana.

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa BEHAJAINA Cathy Milena,** ho Talem-paritry ny Fizahantany any Atsinanana

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo « Responsables de Domaines » (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) an'ny Oniversite an'Antananarivo
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo « Responsables de Domaines » (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) an'ny Oniversite Antsiranana
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo « Responsables de Domaines » (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) an'ny Oniversite Mahajanga
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo « Responsables de Domaines » (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) an'ny Oniversite Toamasina
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo « Responsables de Domaines » (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) an'ny Oniversite Fianarantsoa
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo « Responsables de Domaines » (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) an'ny Oniversite Toliara

**MINISTERAN'NY ASA VAVENTY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1240 tamin'ny 10 novambra 2021 ary manendry an'**BOTO ZAFIMANDIMBY Arson,** ho Talem-paritry ny asa vaventy any Itasy**.**

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNINA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA**

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha 2021-370 tamin'ny 31 martsa 2021 ary manendry an'**Atoa.RAKOTOARISON Gildas,** ho talem-paritry ny fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa ao Boeny

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. ANDRIANIRINA Harinaivo Fanomezantsoa,** ho « Directeur de l'Unité de Lutte contre la Corruption » eo anivon'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa.RANDRIANANTENAINA Fenohery Rarivoarivelo,** ho « Coordinateur Général de l'Organe de Coordination des actions stratégiques de la Diplomatie Verte et des Organisme Rattachés » eo anivon'ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy

## IV- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY SAMPANDRAHARAHAN'NY FANANAN-TANY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1083 tamin'ny 13 okotbra 2021 ary manendry ny « Directeur des Ressource Humaines » anivon'ny minisiteran'ny fanajariana ny tany sy ny sampandraharahan'ny fananan-tany

**MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-983 tamin'ny 29 septambra 2021 ary manendry ny « Directeur de Ressources Humaines » ny minisiteran'ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1689 tamin'ny 09 desambra 2020 ary manendry ny « Directeur du Centre Régional des Œuvres Universitaires d'Antananarivo" (CROUA).

**Taorian'ity Filankevitry ny Minisitra izay notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha ity dia nihazo avy hatrany ny Emirats Arabes Unis ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA hanatanteraka fitsidihana ara-pomba ofisialy any amin'ity firenena ity. Ny Filoha Malagasy moa dia anisan'ireo vahiny manan-kaja voaasa manokana handray anjara amin'ny Fihaonam-be iraisam-pirenena arahina fampiratiana ireo haitao ara-kajy mirindra mifandraika amin'ny toekarena nomerika izay hotanterahina any an-toerana. Ankoatra ny fihaonana amin'ireo tompon'andraikim-panjakana ambony any an-toerana dia tafiditra ao anatin'ny fandaharam-potoanan'ny Filoham-pirenena ihany koa ny fifampidinihana amin'ireo mpandraharaha ara-toekarena maro avy amin'ny sehatra samihafa.**

**Natao ny 25 may 2022**<br>
**Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe**<br>
**eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# COMPTE RENDU DU CONSEIL DES MINISTRES

*Mercredi 25 mai 2022 - Palais d'État Iavoloha*

Ce mercredi 25 mai 2022 s'est tenu au Palais d'Etat d'Iavoloha, le Conseil des Ministres présidé par le Président de la République Andry Rajoelina, et a vu la participation du Premier Ministre ainsi que des Ministres membres du Gouvernement.

## I- COMMUNICATION VERBALE

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE + MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**

**Approbation de la demande d'exonération de taxes douanières pour le dédouanement de deux conteneurs de matériaux de construction pour la finition du Grand séminaire de Toamasina.**

**MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**

**Approbation de la prise en charge des Droits et Taxes à l'importation des matériels de décorations lumineuses entrant dans le cadre de la célébration des fêtes de fin d'année.**

**Approbation du plan d'actions de mise en œuvre des recommandations de la Cour des Comptes sur la gestion des dépenses liées à la lutte contre la pandémie covid-19.**

Suite aux rapports d'audit de la Cour des Comptes relatifs aux 04 aspects de la réponse à la pandémie COVID – 19, à savoir les flux financiers, les marchés publics, les mesures d'urgence sociale et les mesures organisationnelles, le Ministère de l'Economie et des Finances est déterminé à mettre en œuvre un plan d'actions de réforme, basé sur les recommandations de l'audit. Un plan d'action a été préparé en concertation avec la cellule de veille des Réformes des Finances Publiques, qui est composée des Organes de Contrôle (Cour Des Comptes, CDBF, IGE), SAMIFIN, Ministère de la Justice, Ministères sociaux. Ce plan définit les actions prioritaires dans le court et moyen terme s'articulant principalement autour de la mise en place ou révision des textes réglementaires et manuel d'opérations, des actions de sensibilisation, de vulgarisation et de formation, et de l'amélioration des procédures et système en place.

**MINISTERE DE LA JEUNESSE ET DES SPORTS**

**Approbation de l'accueil des Championnats d'Afrique de basket-ball de moins de 18 ans garçons et filles « U18 Men and Women 2022» et le paiement des droits d'attribution.**

**MINISTERE DE LA COMMUNICATION ET DE LA CULTURE**

**Approbation de la création du premier orchestre national malagasy dénommé: «VOA'ART - National orchestra of Madagascar ».**

**MINISTERE DE LA SANTE PUBLIQUE**

**Approbation de la demande de prise en charge par le Ministère de l'Economie et des Finances de la contribution du Gouvernement Malagasy au Nouveau Modèle de Financement (NMF3) du Fond Mondial.**

Le Fonds Mondial est un partenariat conçu pour accélérer la fin de sida, de la Tuberculose et du paludisme en tant qu'épidémies Pour la période de 2018-2020, Madagascar a bénéficié d'une subvention de 101.2 millions USD et pour la période de 2021-2023, Madagascar bénéficiera d'un montant de 88,8 millions USD à travers le Nouveau Modèle de Financement 3, pour assurer la prise en charge de ces activités au sein du Ministère de la Santé Publique.

Suite à la déclaration de son excellence Monsieur Le Président de la République de Madagascar à Lyon en 2019, l'Etat Malagasy s'est engagé à contribuer au Fond Mondial à hauteur de 1 000 000 millions USD afin d'apporter son soutien à la mise en œuvre de cette lutte.

**SECRETARIAT D'ETAT EN CHARGE DES NOUVELLES VILLES ET DE L'HABITAT AUPRES DE LA PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

**Approbation de la demande de prise en charge des Droits et Taxes à l'Importation (DTI) liée à l'arrivée de matériels complémentaires pour la mise en place de la piste d'athlétisme en tartan du KIANJA BAREA Mahamasina**.

## II- ADOPTION DE TEXTES REGLEMENTAIRES

**MINISTERE DES TRANSPORTS ET DE LA METEOROLOGIE**

Adoption du décret modifiant le décret n°2022-440 du 30 mars 2022 déclarant d'utilité publique les travaux de construction et d'aménagement des infrastructures relatives aux trains urbains à Antananarivo, de Soarano PK 0 vers Ambohimanambola PK12 (Corridor sud).

**MINISTERE DES TRAVAUX PUBLICS**

Adoption du décret déclarant d'utilité publique les travaux de réhabilitation de la route nationale secondaire n°43 « Faratsiho – Sambaina ; Ambohibary – Ampetsapetsa » et portant acquisition par voie amiable ou par expropriation pour cause d'utilité publique des parcelles de terrain et/ou immeubles touchés par ces travaux.

**MINISTERE DES TRAVAUX PUBLICS + MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**

Adoption du décret déclarant d'utilité publique les travaux de réhabilitation des Routes secondaires RN44 et RNT12A, des routes tertiaires connexes, la construction de 02 ponts de Manambondro et d'Amboenato de la RNT12A, la construction de deux stations de pesage sur la RN44 et fixant les modalités de mise en œuvre du Plan d'Action de Réinstallation (PAR) pour la libération d'emprises occasionnées par lesdits travaux.

# III- NOMINATION AUX HAUTS EMPLOIS DE L'ETAT

**MINISTERE DE L'AMENAGEMENT DU TERRITOIRE ET DES SERVICES FONCIERS**

Adoption du décret abrogeant le décret n°2021-905 du 08 septembre 2021 et portant nomination de **Mme. RAMBININTSOA Lalao Berthe,** Directeur des Affaires Juridiques auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers.

Adoption du décret abrogeant le décret n°2021-1120 du 20 octobre 2021 et portant nomination de **M. RAMASIMBAMALAZA Olivier José Michel**, Directeur des Services Topographiques auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers.

**MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**

- Adoption du décret abrogeant le décret n°2019-260 du 07 mars 2019 et portant nomination de **Mme. RANJAVOLOLONA Julie Claudette,** Directeur Général de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics du Ministère de l'Economie et des Finances.
- Adoption du décret abrogeant le décret n°2006-792 du 19 octobre 2006 et portant nomination de **Mme. RAHARINIAINA Angélinà,** Président du Comité de Réglementation et de Recours auprès de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics du Ministère de l'Economie et des Finances.
- Adoption du décret abrogeant le décret n° 2007-651 du 10 juillet 2007et portant nomination de **M. JAONASY Anivosoa,** Directeur de l'Audit Interne auprès de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics du Ministère de l'Economie et des Finances.

**MINISTERE DE L'INTERIEUR ET DE LA DECENTRALISATION**

Adoption du décret portant nomination de **M. RABETAHINA Pascal Pierrot**, Directeur Général de la Décentralisation du Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation.

**MINISTERE DU TOURISME**

Adoption du décret portant nomination de **Mme. BEHAJAINA Cathy Milena,** Directeur Régional du Tourisme de la région Atsinanana auprès du Ministres du Tourisme.

**MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE**

- Adoption du décret portant nomination des Responsables de Domaines (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) à l'Université d'Antananarivo.
- Adoption du décret portant nomination des Responsables de Domaines (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole) à l'Université d'Antsiranana.
- Adoption du décret portant nomination des Responsables de Domaines (Doyens de Faculté, Directeurs d'Institut) à l'Université de Mahajanga.
- Adoption du décret portant nomination des Responsables de Domaines (Doyens de Faculté) à l'Université de Toamasina.
- Adoption du décret portant nomination des Responsables de Domaines (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) à l'Université de Fianarantsoa.
- Adoption du décret portant nomination des Responsables de Domaines (Doyens de Faculté, Directeurs d'Ecole et/ou Institut) à l'Université de Toliara.

**MINISTERE DES TRAVAUX PUBLICS**

Adoption du décret abrogeant le décret n°2021-1240 du 10 novembre 2021 et portant nomination de **M. BOTO ZAFIMANDIMBY Arson**, Directeur Régional au sein du Ministère des Travaux Publics auprès de la Région Itasy.

**MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET DE LA FORMATION PROFESSIONNELLE**

Adoption du décret abrogeant le décret n°2021-370 du 31 mars 2021 et portant nomination de **M. RAKOTOARISON Gildas**, Directeur Régional auprès du Ministère de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle Boeny.

**MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE**

Adoption du décret portant nomination de **M. ANDRIANIRINA Harinaivo Fanomezantsoa**, Directeur de l'Unité de Lutte contre la Corruption auprès du Ministère de l'Environnement et du Développement Durable.

Adoption du décret portant nomination de **M. RANDRIANANTENAINA Fenohery Rarivoarivelo**, Coordinateur Général de l'Organe de Coordination des actions stratégiques de la Diplomatie Verte et des Organisme Rattachés auprès du Ministère de l'Environnement et du Développement Durable.

## IV- ABROGATION

**MINISTERE DE L'AMENAGEMENT DU TERRITOIRE ET DES SERVICES FONCIERS**

Adoption du décret abrogeant le décret n°2021-1083 du 13 octobre 2021 portant nomination du Directeur des Ressource Humaines auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers.

**MINISTERE DE L'INTERIEUR ET DE LA DECENTRALISATION**

Projet de décret abrogeant le décret n°2021-983 du 29 septembre 2021 portant nomination du Directeur de Ressources Humaines du Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation.

**MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE**

Adoption du décret abrogeant le décret n°2020-1689 du 09 décembre 2020 portant nomination du Directeur du Centre Régional des Œuvres Universitaires d'Antananarivo (CROUA).

**Après avoir présidé le Conseil des Ministres, le Président de la République Andry RAJOELINA a mis le cap sur les Emirats Arabes Unis pour une visite d'État de quelques jours. En effet, le Chef de l'État est l'invité d'honneur de la Conférence et exposition sur les technologies de l'économie numérique. Mise à part les rencontres officielles avec les autorités locales, plusieurs rencontres avec des grands investisseurs économiques figurent aussi dans le programme de cette visite.**

**Fait ce 25 mai 2022**
**La Direction de la Communication et des Relations Publiques**
**auprès de la Présidence de la République**